# TORITENY - Alahady fahatelo FIAVIAN'NY TOMPO - TAONA D



***"Izaho manao batemy anareo amin ny rano, fa avy Ilay mahery noho izaho, ary tsy mendrika hanala ny fehikapany akory aho" Lk 3,16a***

Ry Kristianina havana, Alahady fahatelo aminy fahatongavan'ny Tompo isika izao ka dia tonga eo anivon'ny fotoana fankalazana ny fiavian'ny Tompo izany. Tsy mahagaga raha ireo vakiteny telo androany ireo raha azo fintinina amin'izany fankalazana lehibe amin'ny finoantsika izany, manasa antsika hivelona sahady, higoka sahady ilay hafaliana raha tonga ny Tompo eo anivontsika. Toa manahirana anefa mandinika an'izany satria ireo zava-misy manodidina antsika dia toa mifanohitra amin'izany.

***Vakiteny I*** *: Sôf. 3,14-18e* ***Tononkira*** *: Sal 12. 2-3. 4bde. 5-**Vakiteny II** : Fil. 4, 4-7*
***Evanjely*** *: Lk. 3,10-18*

Izany indrindra ry Kristianina havana no antony nahatongavan'ny Tompo satria mila azy isika na marimarina kokoa ny fitiavany antsika dia tsy misy fetra ary tsy afaka handao antsika nohariana izy noho ny fitiavana. Koa noho io fitiavany io dia tiany ho ao anatin'ny fiadanana isika, ary izany fiadanana izany no entiny eto amintsika. Raha ao anatintsika izay fiadanana izay dia izany no hafaliana. Raha atao amin'ny teny hafa dia Andriamanitra no tonga manatona antsika, mitraotro amintsika mba hahatonga antsika ho FIANAKAVIANA RAIKY AMINY, HO FRATELLI TUTTI, HO OLO ARAIKY AMINY. Izany ny Vaovao Mahafalin'ny Noely ambaran'ireo vakiteny niany. Izany hoe tian'ny Eglizy ho tsapantsika izay miandry antsika raha mahay miomana mandray ny Tompo isika. Izany no ezahintsika koa amin'izao Sinaody izao, mba hahay hampandroso an'i Jesoa amin'ny fiainantsika ka hiova. Izany no mahatonga antsika manambara fa tsy maintsy misy fiovam-penitra mahery vaika hitondra

antsika amin’ny départ vaovao, amin’ny Pantekôty vaovao

***Mesia, Fiadanana sy Hafaliana.***

Nampianarin'ny mpaminany Sofonia izany teo amin'ny manodidina azy ka hoy izy hoe : "Haneho ny hafaliany lehibe noho ny aminao ny Tompo". Rehefa tonga eto anivontsika ny Tompo dia haneho ny hafaliany izy fa izao anefa ry Kristianina havana, anjarantsika ary tsy mitsahatra aho no mamerimberina an'io indrindra amin'izao isika miatrika ny Sinaody izao no mampandroso an’Andriamanitra satria efa manolotra ny fony amintsika ka anjarantsika ny manokatra ny fontsika, afindrany eo amin'ny fontsika ny fony, izay ny antony nahatongavan'i Mesia, zanak'Andriamanitra izy ka mba hahatonga antsika ho zanak'Andriamanitra, ho OLO ARAIKY AMINY, ho EGLIZY OLO MIOMBONA AMINY.

Tonga olombelona ny zanak'Andriamanitra mba hahatonga antsika ho zanak'Andriamanitra, izany no ankalazaintsika amin'ny Noely. Izay no hany làlana tokana tsy azo idifiana, tsy azo ialana hahatongavana amin'ny tena hafaliana. Mino sy matoky aho fa miandrandra izany hafaliana izany isika jiaby ka aoka hahay hanaraoraotra izao SINAODY izao isika ka izao fiavian'ny Tompo izao hanampy antsika hanova ny fiainantsika, hanova ny fontsika, hanova ny fo amam-panahintsika. Raha miova ny fo ka lasa fon'Andriamanitra dia ho tahaka an'ilay ambaran'ny Sofonia mpaminany amin'ny vakiteny voalohany satria tsy hanameloka antsika intsony Andriamanitra fa hanatsara ary izay ny hahatongavan'ny Mpamonjy, lay mpanjakan'ny fiadanana. Izay koa ny mahatonga an'i Masindahy Paoly, tsy mba mananatra intsony izy, tsy mba mampirisika intsony izy na manome soso-kevitra fa baiko tanteraka no omeny amin'izao Alahady fahatelo fiaviana (Avent) izao : "Akaiky ny Tompo, ao aminao ny Tompo, mifalia mandrakariva ao amin'ny Tompo, mifalia ! " Aoka ho fantatry ny olona rehetra fa efa akaiky ny Tompo”. Izay ry Kristianina havana no tokony ho fantantsika, ny hafaliana tsy hafalian'izao tontolo izao no ifampizarantsika amin'izao Noely izao "Joyeux Noël" no fomba hifampiarahabantsika. La joie de Noël dia tsy hafalian'izao tontolo izao fa hafalian'Andriamanitra.

**Tsy hafalian'izao tontolo izao fa hafalian'Andriamantira**

Ka inona àry ny hafalian'Andriamanitra ? Io no ambaran'i Joany izay nivelona an'izany, marina nihafy izy tany an'efitra niandry ny Tompo, ary izay ny antsika ny tena hoe dikan’ny fibebahana, raha te-handray ny hafalian'ny Tompo isika fa tsy ny hafalian'izao tontolo izao. Mila mahafoy isika raha te handray ny hafalian’ny Tompo ary izany no mahasamihafa azy amin’ny hafalian’izao tontolo izao satria ny hafalian’izao tontolo izao dia fanangonana vokatry ny fitiavan-tena sy fanilikilihana. Vokatr’io hafaliana miserana io ny herisetra sy ady noho ny fahakiviana sy fahadisom-panantenana. Henontsika ny valinteny nomen’i Joany raha te-hivelona io hafaliana avy amin’Andriamanitra io isika. Inona ny ataonay i Joany namaly hoe : “raha manana akanjo roa dia aoka hanome ny tsy manana ary raha

manan-kanina aoka hanao toa izany koa”. Izany hatrany no notadiaviny sy nambarany ho an'ireo izay nanodidina azy. Raha te-handray ny Tompo tokoa dia aoka izao andron'ny fahatongavana izao ho andron’ny famindram-po sy ny fifampitsimbinana ary fifanasoavana, andro hanehoantsika ny tena fitiavana dia tsy inona izay fa mifampizara ny soa, mifampizara izay eo am-pelan-tànana amin'ny hafa mba hitoetra ao amin'ny hafalian'ny Tompo tokoa ary izany ny mampibaribary ny fiovana eo amin'ny fianana.

Tahaka izany koa aoka haneho ny fahamarinana isika, ny poblikana izay mpamory hetra tsy marina dia nilazan'i Joany hoe : " Aoka ianareo tsy hampandoa mihoatra an'izay nasaina anareo", izany hoe aoka hitoetra eo anivontsika ny fahamarinana, izay tokoa ny mampibaribary fa ao anatin'ny marina ka vonona tokoa hampanjaka ny rariny, hampanjaka ny hitsiny, hampanjaka ny fahamarinana. Mila izany izao androntsika izao. Anisan’ny vokatra andrasantsika amin’izao Sinaody izao ny mba hampiova ny fifandraisana mandrafitra ny mahaolona araky ny hafatry ny Eveka farany.
Ary ho an'ireo miaramila izay nanontany hoe inona no mba ataonay ? dia hoy i Joany : Halaviro ny herisetra. Ho antsika rehetra izany fa tsy ho an'ny miaramila fotsiny. Halaviro ny herisetra amin'ny faritra maro eto amin'ity tanindrazantsika ity, indrindra eto amin'ny tànanan'ny Diégo, eto amin’ny diosezy mamintsika ity. Aoka hampitsahatra ny herisetra isika fa hifampizara kosa ny fampihavanana ary izay ny vokatry ny famindram-pon'Andriamanitra, raha mivelona ny famindram-pon'Andriamanitra tokoa isika, aoka mba tsy hampiasa an-keriny, tsy hampangorohoro, aoka tsy hisy ny fampatahorana, aoka hanaja ny fahamarinana isika ary dia izay ny fiomanana tsara indrindra ka hitondra antsika amin'ny tena hafaliana, hitondra antsika amin'ny tena fiadanana. Hitantsika àry, ry Kristianina havana, fa ny Noely izay ankalazaintsika dia miankina be dia be amin'ny fiainantsika ary indrindra indrindra amin'izao fankalazantsika ny famindram-pon'Andriamanitra izao. Hamakivaky an'ity taona isika, ary efa atolotr'Andriamanitra antsika amin'izao Alahady fahatelo izao tamin'ny vakiteny ny tanjona : Mifalia hoy i Masindahy Paoly, tsy soso-kevitra fa tena baiko tokoa no nataony, mifalia ! Hifaly isika raha hahay hifampizara, hahay hampanjaka ny fahamarinana, ny rariny sy ny hitsiny, hanalavitra ireo herisetra sy horohoro dia hanjaka amintsika tokoa ny fiadanana.

Ry Jesoa Tomponay ô, manambara aminay ny tena fiomanana tsara indrindra ireo tenin'Andriamanitra ireo,, ny tanjona dia ny hafaliana, ny fiadanana. Ianao tokoa no hafalianay, Ianao tokoa no fiadananay, ary Ianao no famindram-po, koa enga anie izao fiomananay izao hanampy anay bebe kokoa hahita ny tena endrikao amin'ny zava-misy eo amin'ny fiainanay, ka izay vato misakana eo aminay sy eo amin'ny manodidina anay tsy hahafahanay miroso amin'izay tena hafaliana izay anie hoesorinay tokoa amin'izao ka mba ho fo vaovao no entinay hankalaza ny Noely fa indrindra amin'izao izahay miatrika ny Sinaody izao ka hirosoanay ho EGLIZY OLO MIARA-DALANA VELOMIN’NY BATEMY MIOMBONA MANDRAY AN-TANANA ZARY IRAKA TABERNAKLA VELONA mamafy

fahamarinana, mampanjaka fihavanana sady kristianana no malagasy, mamafy fanantenana, famindram-po sy famelan-keloka ka hanjaka amin'izay ny tena hafaliana, hanjaka amin'izay ny tena fiadanana, ho sambatra finaritra izahay mianakavy hivelona ho anisan'oloraikinao, ho fianakavianao tokoa. Masina Maria Reny, miaraka aminao izahay no miomana mandray an'i Jesoa. Ampio izahay hahita ny tena fiombonana, handalina ny finoana. Md Josefa mivavahà ho anay mba ho fianakaviana eglizy kely miara-mivavaka, mba ho trano fonenan'Andriamanitra ny tranonay jiaby tahaka ny Fianakaviana Masina. Md Joany izay banjinina manokana amin'izao Alahady faha-3 izao, ampianaro izahay hanana fanetren-tena tahaka anao mba hahay handray ny fampianaranao araka izay sokajim-piainana misy anay ka hahay handray an'i Jesoa. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson